**COMMUNIQUE DE PRESSE**

Taorian'ireo dinika sy ny fanatonana maro nataon'ny mpitantana ny **FSBM** (Fédération Sport Boules Malagasy) tamin'ny Minisiteran'ny Tanora sy ny Fanatanjahatena dia tsy hita izay fanampahan-kevitra matotra azo raisina avy aminy.

Noho izany dia miangavy ny Minisitera ny mpitantana ato amin'ny FSBM mba hanome fanampahankevitra mazava izay rafitra tiany hiaramiasa amin'izao fotoana izao mba hampandehanana ny taranja tsipy kanetibe izay misedra olana ; misy ny **FMP** izay voasazy ary efa noesorin'ny **FIPJP** – *Federasiona iraisam-pirenena* - taminy ny fahefana ka tsy afaka handray anjara intsony amin'ireo **fifaninana iraisam-pirenena** sy tsy afaka handefa mpilalao hisolontena an'i Madagasikara amin'ny sehatra iraisam-pirenena koa ; eo ny **FSBM** izay rafitra nahazo ny fankatoavana sy ny fahefana feno avy amin'ny **FIPJP** ho tompon'andraikitra mpikarakara amin'ny fampandehanana ny mpilalao hiatrika ny lalao irasam-pirenena toy ny efa nisy tany Togo izay nandraisantsika anjara tamin'ny fiadiana ny tompondakan'i Afrika 2019 sy nahatafita antsika handray anjara amin'ny fiadiana ny tompondaka erantany eo amin'ny sokajy lehilahy olontelo miaraka amin'ny 2020.

Apetrakay eo aminareo Ray aman-dreny mpitondra, indrindra aminao Andriamatoa Minisitra ny famahana izao olana izao ka dia nanampakevitra ny mpitantana ato amin'ny FSBM fa hiato amin'ny andraikitra nomen'ny FIPJP amin'ny fitantanana ny taranja tsipy kanetibe eto Madagasikara mandrampahatonga ny fanapahan- kevitra avy aminareo.

Marihina kosa fa maro ny asa miandry ny FSBM eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena ka mila fanomanana goavana raha mitady vokatra tsara isika. Ny akaiky indrindra izay efa atomotra ny fotoana dia ny fanomanana ny ekipa vehivavy sy ny *junior* hiatrika ny fiadiana ny ho tompondaka eran-tany amin'ny volana Novambra ho avy izao izay atao any Cambodge; dia ho sanatria ve isika tsy handray anjara amin'izany nohon'ny tsy fandraisana andraikitra.

Ny mpitantana ato amin'ny FSBM dia maneho ny fahavononana hatrany amin'ny fiaraha-miasa amin'ny Ministera ny Tanora sy ny Fanatanjahatena .

Ny Filoha FSBM

Dolys RANDRIAMAROHAJA

FSBM

FEDERATION SPORT BOULES MALAGASY